

# Fantaro ireo fomba azonao isafidianana amin'ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana

## PILINA ATELINA MIFANGARO


- Mahomby, azo ajanona râha te-hiteraka.
- Hanina isan'andro mba ahazoana fiarovana tsara.
- Mandritra ny iray volana voalohany dia mety hisy toy izao eo amin'ny fampiasana azy :
  - Marary kely ny vavony
  - Mitsitaitaika ny fotoana
  - Mitombo kely ny lanja
  - Mararirary ny an-doha
  - Na sarotsarotiny kely ny vehivavy.
- Tsy misy atahorana anefa izany.
- Vitsy ny vehivavy tsy mahatanty azy.
- Azo ampiasain'ny vehivavy rehetra na manan-janaka na tsia.
- Miaro amin'ny aretina homamiadana, ny tsy fahampian-drà, ny fanaintainana isaky ny fadim-bolana ary ny aretina hafa koa.






## NY TSINDRONA

- Tena tsara, tsy misy hatahorana.
- Atsindrona isan-telo volana.
- Hisy fiovaovan'ny fadim-bolana anefa dia ara-dalàna izany; mety hisy rà kely mandeha mitsitaitaika, na mety tsy hisy fadim-bolana mihitsy, ary mety hisy aretin'andoha kely.
- Tsiambaratelo izy, ka mety tsy ho vinanina akory hoe mampiasa azy ny vehivavy.
- Azo ampiasain'ny vehivavy rehetra na manana na tsy manan-janaka.
- Ny fijanonan'ny fampiasana azy dia miaro ny vehivavy tsy ho bevohoka eo amin'ny efa-bolana eo ho eo.
- Tsy misy atahorana eo amin'ny fampinonoana raha manomboka mampiasa azy iray volana sy tapany aorian'ny nahaterahana.
- Miaro amin'ny aretina homamiadan'ny tranon-jaza ary koa amin'ny vohoka an-tsoso-koditra.




## SISIKA (implanon)


- Fantsona kely iray, toy ny tahon'afokasoka, asisika an-tsosokoditra eo amin'ny faritra eo ambonin'ny sandry
- Tena mahomby hatrany amin'ny telo taona na mihoatra
- Azon'ny vehivavy rehetra ampiasaina tsy misy ankanavaka na efa niteraka na tsia.
- Azo esorina amin'ny fotoana tiana hanaovana an'izany.
- Afaka hitondra vohoka avy hatrany ilay vehivavy raha vao manala azy.
- Hisy fiovaovan'ny fadim-bolana anefa dia ara-dalàna izany; mety hisy rà kely mandeha mitsitaitaika, na mety tsy hisy fadim-bolana mihitsy, ary mety hisy aretin'andoha kely.
- Tsy misy fiantraikany ao amin'ny fampinonoana raha manomboka 1 volana sy tapany aorian'ny nahaterahana.
- Miaro amin'ny vohoka an-tsoso-koditra sy ny tsy fahampian-drà.



## PILINA ATELINA TSY MIFANGARO

- Safidy tsara ho an'ny vehivavy mampinono vao teraka, manomboka ao anatin'ny iray volana sy tapany.
- Tena mahomby mandritra ny fotoana fampinonoana.
- Rehefa mampiasa azy ivelan'ny fampinonoana dia mety hisy :
  - -fiovaovan'ny fadim-bolana
  - -fitsitaitaikan'ny rà eny antenantenan'ny fadim-bolana






## NY KAPAOTY

- Fitaovana apetraka eo amin'ny filahiana mialohan'ny firaisana.
- Miaro amin'ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana (IST / SIDA) no sady manakana ny vohoka.
- Azo ampiarahana amin'ny fomba fanabeazana hafa koa izy.
- Mora ampiasaina rehefa zatra kely fotsiny.
- Tena tsara raha manaraka antsakany sy andavany ny fomba fampiasana azy.
- Tsy mampijanona ny firaisana, tsy mampihena ny filàna, tsy mampisy fanelingelenana eo amin'ny firaisana ny fampiasana azy. Mampateza ny firaisana aza izy.




## FOMBA FIAROVANA AO AMIN'NY LALAN-JAZA

- Pilina asisika na kapaotim-behivavy.
- Azon'ny vehivavy ampiasaina rehefa hainy tsara ny mitandrina ny tenany.
- Apetraka mialoha ao amin'ny lalan-jaza alohan'ny firaisana.
- Mahomby tokoa raha manaraka ny toromarika ka mampiasa azy isaky ny hisy firaisana. Indraindray anefa tsy mahomby satria tsy maharaka ny toromarika ny vehivavy sasany.
- Mety hiaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ihany indraindray.




## FITAOVANA MIPETRAKA AO AMIN'NY TRANON-JAZA na 'Sterilet'

- Fitaovana kely apetraky ny mpikarakara FFP voahofana manokana ao amin'ny tranon-jaza.
- Fomba tena mahomby. Afaka hiteraka tsara rehefa esorina.
- Miaro mandritra ny folo taona farafahakeliny ny "stérilet".
- Amin'ny voalohany dia mety ho betsaka sady lava ny fisian'ny rà mandritra ny fadim-bolana. Mety misy manelingelina kely raha vao apetraka izy
- Tsy misy fiatraikany amin'ny fampinonoana.
- Mihabetsaka ny fahazoana aretina eo ambany foitra raha tratry ny areti-mifindra azo amin'ny firaisana ny vehivavy mitondra azy.
- Mety hivoaka ho azy ny "stérilet". eo amin'ny iray volana voalohany iny ka tokony ho hamarinina tsara ny fisian'ireo kofehy kely.




## FAMATORANA NY FANTSON'NY TRANON-JAZA

- Fomba tsy ahazoana miteraka intsony ka tokony handinika tsara vao mifidy azy.
- Fomba fandidiana tsotra sy tsy misy atahorana.
- Fomba mahomby tena tsara.
- Tsy misy voka-dratsiny loatra amin'ny ankapobeny.
- Tsy manelingelina ny filàna ara-nofo.



## FAMATORANA NY FANTSON'NY FILAHIANA

- Fomba iray natokana ho an'ny lehilahy tsy hiteraka intsony ka mila fandinihana tsara ny fampiasana azy.
- Fandidiana mora atao, tsotra sady tsy misy ahiana, vita ao anatin'ny minitra vitsy. Atao eny amin'ny tobim-pitsaboana voatokana.
- Mahomby tsara aorian'ny ny fitosahan'ny ranon'aina indroapolo (20) na aorian'ny 3 volana. Noho izany dia tokony hampiasa fomba hafa mandritra io fotoana io aloha.
- Tsy misy voka-dratsiny any aoriana.
- Aorian'ny nandidiana no mahatsapa fanelingelenana kely.
- Tsy misy fiantraikany eo amin'ny fahombiazana na filàna amin'ny firaisana.




## Noho ny antony ara-pahasalamana anefa dia misy fomba Fandrindrana Fiainam-pianakaviana tsy dia mety loatra ho an'ny olona sasany.

| Raha toa ka | dia tsy azo ampiasaina ny |
|---|---|
| Mifoka sigara<br>Mihoatra ny 35 taona | Pilina atelina (na mifangaro na tsia) |
| Betsaka ny tosi-drà | Pilina atelina mifangaro. Tsindrona raha avo loatra ny tosi-drà |
| Mampinono mandritra ny enim-bolana voalohany | Pilina atelina mifangaro |
| Mampinono mandritra ny iray volana sy tapany (voalohany) | Tsindrona, pilina atelina tsy mifangaro, sisika |
| Marary fo, aretina amin'ny lalan-drà, aretin'aty | Pilina atelina mifangaro, tsy mifangaro, tsindrona, Sisika. |
| Aretina azo amin'ny firaisana;<br>Aretina ao amin'ny fantson-tranon-jaza sy tranon-jaza tao anatin'ny telo volana latsaka<br>Ireo miaraka amin'ny olona maro manao firaisana. | Stérilet (Mampiasà kapaoty na dia efa mampiasa fomba hafa aza) |
| Aretina samy hafa eo amin'ny fivaviana. | Stérilet |


## FOMBA MIANKINA AMIN'NY FAHALALANA NY FANANAHANA

- Mamantatra ny fotoana mety mahabevohoka azy mandritry ny tsingerimbolana ny vehivavy
- Tsy manao firaisana ara-nofo tsy voaaro mandritra ireo andro mety mahabevohoka
- Mahomby izy raha manaraka tsara ny toromarika
- Tokony hisy fifandraisana matotra eo amin'ny mpivady satria mila fifanarahan-tsaina ny fitantanana ireo andro mety mahabevohoka
- Tsy misy fiantraikany eo amin'ny vatana
- Mety ho sarotra ny fampiasana azy ka mila torohevitra manokana raha manavy na manana aretina ao amin'ny lalan-jaza, na aorian'ny fiterahana na eo amin'ny fampinonoana, na avy nampiasa fomba . FFP hafa




## M.A.M.A.
## Manabe Aizana ny Mampinono Anaka


- Fomba mifantoka eo amin'ny tsy fisian'ny fadim-bolana
- Mampiasa ny Fomba MAMA ny vehivavy mampinono rehefa :
  - tsy mihinana afa-tsy ny nonon-dreniny ny zaza (atoandro sy alina) SY
  - mbola tsy miverina ny fadim-bolana, ARY
  - latsaky ny enim-bolana (6) ny zaza
- Tena mahomby hatreo amin'ny faha enim-bolana nahaterahana.
- Tokony hieritreritra fomba hafa rehefa tsy mampiasa MAMA intsony.



Ministère de la Santé, du Planning Familial et de la Protection Sociale

USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE

*Vonona hanome fanazavana misimisy kokoa ho anao ny mpikarakara eny amin'ny « Fitsinjarana sy Fanapariahana Fototra » sy ny « Toby Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana (FFP) »*



Impression Graphoprint - DL n°119/05/07 - Tir. 4.000 ex